MANDROSOA IVATO 4

# VAHINY METISY NOVONOINA TAMIN'NY FOMBA FENO HABIBIANA

MARINA IZANY ! 7

## SAROPADY !

FJKM 8

## HOVITAINA AMIN'ITY TAONA ITY NY ONIVERSITE AO TOAMASINA


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7471 Taona faha-24 **Vidiny: 500 Ariary** Gazety mivoaka isan'andro Alatsinainy 16 janoary 2023


COVID-19 8

## 28 NY TRANGA VAOVAO HITA

HIRA EVANJELIKA 2

## NODIMANDRY TAMPOKA I TELINA



FILOHA MPANAMPY NY FJKM 7

# NANAO TSINDROM-PAINGOTRA NY TSY RARINY ETO AMIN'NY FIRENENA



( Sary Princy )

FITRANDRAHANA FASIMAINTY

## NIVERIN-DALANA IREO MPANOHITRA NY TETIKASA 8

AMBATOFINANDRAHANA

## OLONA 4 MATY NILATSAHAN'NY VARATRA 4


KITRA IRAISAM-PIRENENA 3



## TSY AFA-BELA TAMIN'I SAB NAM NY MONT FLEURI RC

KOMITY OLYMPIKA MALAGASY 3

# TSY HANAIKY NY FITSABAHAN'NY FANJAKANA AMIN'NY FITANTANANA NY SPAORO NY FILOHANY

Misaona ny tontolon'ny hira evanjelika

# Nodimandry tampoka i Telina (mpihiran'i Didi Alfa)



Misaona ny tontolon'ny hira evanjelika. Misaona ny tarika Didi Alfa. Nodimandry tampoka ny marainan'ny sabotsy 14 janoary 2023 teo Razafindrabary Fiankinantsoa Telinjanahary, fantatra tamin'ny anarana hoe Telina, mpihira ao amin'ny tarika Didi Alfa. Ilay hiran'ny tarika *« Izaho mbola tsy miova »*, izay vazo nitondra avo ny tarika Didi Alfa ary tsy afaka am-bavan'ny maro mandraka ankehitriny iny no tena nahafantarana ny feo mangany sy ny endriny. Azo lazaina fa mbola ao anatin'ny hatanorany i Telina satria vao 40 taona monja izy izao nindaosin'ny fahafatesana izao. Tokana ny zanany, izay nilaozany ho kamboty miaraka amin' ireo mpankafy azy rehetra ihany koa.

Araka ny programa, anio alatsinainy no hiala ao antranony ao Mandikamanana manodidina ny Gara Antsirabe ny razana ary hoentina any amin'ny FLM Ambano alohan'ny hametrahana azy any amin'ny fasan-drazany ao Ambano Antsirabe ihany. *"Mandalo sy mielina ny eto an-tany , tsy haharitra"* !

I Telina no nandao fa ny kanto novoiziny mitoetra holovain'ny taranaka mifandimby.

**Fy**

Rodobe ho an'ny tontolo iainana

# Hanatanteraka fambolen-kazo iombonana ny Rage of Rock

Hotanterahina ny teny nataony nandritra ny hetsika "Festival Rage of rock". Nilaza ny mpikaraka sy ny tompon'andraikitra tamin' izay fa ny ampaham-bola azo amin'ny alalan'ny hetsika dia entina miady amin'ny fahasimban'ny tontolo iainana. Samy mahatsapa tokoa ny rehetra amin'izao fotoana izao fa miha mafana ny tany ary miovaova tsy araka ny tokony ho izy intsony ny toetrandro. Ripaka ihany koa ny ala izay mitana andraikitra lehibe eo amin' izay tontolo iainana izay. Mahatsapa ho manana adidy amin'izany ny Rage of Rock izay efa lasa fikambanana mihitsy amin'izao fotoana izao. Hifanome fotoana eny Anjoma Betoho ary ny mpiangaly sy mpankafy ny gadon-kira metaly sy mozika mavezatra ny asabotsy 4 febroary amin'ity taona ity. "Rodobe ho an'ny tontolo" ny anarana hisaloran'izy ireo mandritra izany ary hanao fambolen-kazo iombonana. Ho an'ireo izay maniry ny handray anjara dia misoratra anarana mialoha eny amin'ny Giant Studio etsy Isoraka. Manomboka izao dia mila fantarina mialoha ihany koa ny isan' ny mpandeha mba hahafahana manomana ny zanakazo ambolena, satria dia hahazo zanakazo iray daholo izay ho tonga eny, hatramin'ny zaza 5 taona no miakatra. Nanentana ny mpikarakara fa samy manomana ny sakafony sy ny rano hosotroiny ny tsirairay. Afaka mitondra fiara sy moto ihany koa anefa izay manana fa tsara ny làlana. Fa ankaotra izay dia misy fiara iombonana natao ho an'izay tsy afaka mitondra na tsy manana fiara hiala eo Ambohijatovo ny vao maraina. Misy sarany izy io ka izay handeha dia mila misoratra anarana mialoha ihany koa.

**Tiaray R**

Mercure

# Manana vina hanao "tour de Mada" amin'ity taona ity

Hanao dingana lehibe i Mercure amin'ity taona ity. Tsy hijanona ao Ambovombe Androy faritra niaviany intsony izy fa manana vina ny hanao "tour de Mada" mihitsy mba hahafantaran' ny olona rehetra azy. Efa eo am-pandaminana ny programa, hoy izy, ny tarika amin'izao ka dia ho fantatra miandalana eo izany. Raha tsiahivina dia nanomboka ny taona 2019 i Mercure no niditra teo amin'ny sehatry ny mozika. I Laza Mercure moa no tena anarany fa i Mercure no anarana nisalorany amin'ny maha mpanakanto azy. Efa manana mpankafy manokana izy, indrindra fa ny avy any Atsimo sy ny avy any Atsinanana, satria saika any amin'ireo izy no manao fampisehoana. Anisan'ny hira tena nahafahataran'ny olona azy ilay hirany mitondra ny lohateny hoe "Tinah". Hira somary mihetsiketsika izy io, izay rahateo koa anisan'ny ahafantaran'ny maro azy. Tia manafangaro gadona roa samihafa mamoaka kanto hafa kely mampihetsika ny mpihaino azy izy. Manana hira 12 izy amin'izao efa vita rakikira avokoa. Mbola manana vina ny hamoaka hira vaovao koa anefa izy amin'ity taona ity. Mbola tsy nisy aloha hatreto ny fiarahany mihira amin'ny mpanakanto hafa saingy maniry izany izy ary misokatra amin' ny fiaraha-miasa rehetra.

**Tanya.R**

## Ry zareo vahiny

Lisa Marie Presley

### Nijanona tampoka ny fony

Nodimandry ny 12 janoary 2023 teo amin'ny faha-54 taonany (1 febroary 1968) i Lisa Marie Presley. Zanaka vavy tokan'i Elvis Presley, mpanjakan'ny mozika rock manerantany i Lisa Marie Presley. Araka ny fantatra dia vokatry ny fijanonan'ny fony tampoka no nitarika ny fahafatesany tao amin'ny hopitaly iray tany Calabasas, Los Angeles, Californie Etazonia. Mpiangaly mozika rock ihany koa izy, ankoatra ny maha mpilalao sarimihetsika, mamoron-kira ary mpihira amerikana azy. I Lisa Marie Presley no hany mpandova an'i Elvis Presley.

Céline Dion

### Hahemotra avokoa ny tetikasany

Taorian'ny nilazana fa hahemotra ny fitetezam-paritra tokony hotanterahan'i Céline Dion any Eropa. Fantatra ihany koa izao fa hahemotra ny fivoahan'ny filma hilalaovany mitondra ny lohateny hoe « Love Again ». Araka ny fantatra dia noho ilay aretina mahazo azy ihany no hanemorana ny fivoahan'io filma io. Nisafidy ny fotoana mahasalama azy ny mpamokatra mba hahafahany miresaka amin'ny mpanao gazety sy manatrika ny fivoahan'ilay filma amin'ny fomba ofisialy. Nanomboka tamin'ny 8 desambra teo mantsy no nihombo ilay aretina any amin'ny lohany antsoina hoe "staff person syndrome" (olona 1 amin'ny 1 tapitrisa no tratran'io aretina io)

**Nangonin'i Fy**

**HOTSAKOTSAKOINA**

«Izao no torohevitro : atsaharo ny miasa saina be loatra, fa tsy voatery ho fantatrao izay rehetra mety ho valiny, Sao ny fonao tsy ho tana ka ho lasana hitroatra.»

Ny Vetso (28.11.14)

(«Cesse de trop penser, parfois tu n'as pas besoin de connaître toutes les réponses.»)

AFT Andavamamba

# Manolotra fampirantiana momba ny rano

Ahitana fampirantiana mahakasika ny rano ao amin'ny AFT Andavamamba amin'izao, izay efa nanomboka ny 10 janoary teo. "Eau douce, Eau rare", io no lohateny nampitondraina izany . Mandritra ity fampirantiana ity dia hisy ny lalao maro isan-karazany ho an'ny ankizy, hisy koa ny sarimihetsika halefa. Amin'ny 18 janoary izao no hotanterahina izany lalao izany. Hiompana bebe kokoa amin'ny voka-dratsy azo avy amin'ny rano maloto io lalao io ka nampitondraina ny anarana hoe "tsimok'arret". Afaka mandray anjara amin'izany avokoa ny ankizy rehetra. Ankoatra izay dia misy koa ny lalao antsoina hoe "arbre 200", io indray dia lalao miompana amin'ny resaka fambolen-kazo. Ny 20 janoary izao kosa no hisy fandefasana horonantsary. "La soif du monde" kosa no lohaten'izany. Mitantara ny zava-misy marina iainan'ny olona amin'ny resaka fahasarotan'ny fahazoan-drano izy io. Horonantsary izay efa nalefa tamin'ny firenena maro moa izy io ka dia anisany mba mahazo anjara amin'izany koa isika. Marihina moa fa maimaimpoana avokoa ny hetsika rehetra atao amin'ity fampirantiana ity. Misokatra ho an'ny rehetra ary azon'ny rehetra jerena n'aiza n'aiza koa izany amin'ny alalan'ity rohy ity: https://bit.ly/EaudouceEauRare.

**Tanya. R**

Nannah

# Hamoaka hira vaovao amin'ny volana febroary



**Hanolotra zavatra miavaka ho an'ny mpankafy i Nannah.**

Miketrika hira vaovao ho an'ny mpankafy azy indray i Nannah amin'izao. Raha araka ny resaka nifanaovana taminy dia manana vina ny hamoaka hira vaovao be izy amin'ny volana febroary io. Efa namoaka hira dimy teo izy tamin'ny taona lasa iny niaraka tamin'ny Enhay Music, ary dia maniry ny hanohy izany hatrany. Mikasa ny hitety faritra ary hanao fampisehoana maro mantsy izy amin'ity taona ity ka izay no antony mampiketrika azy. Marihina moa fa mpanakanto iray manana ny lazany eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena i Nannah. Maro ny fampisehoana nataony tany ivelany ka anisan'izany ny tany Fribourg, Toulouse ary Brive. Noho izay indrindra koa no mahatonga azy ny mametraka vina ny hitety faritra eto Madagasikara, mba ho fantatry ny Malagasy rehetra koa. Ny taona 2020 moa izy no niditra teo amin'ny sehatry ny mozika ary tao anatin'izay dia efa manana hira be dia be. Anisan'izany ny "Gasikara", ny "mpandresy", ny "Jangah" ary ny "Mahangoma". Hira samy mihetsiketsika avokoa izy ireo. Gadona mihetsiketsika mifangaro gasigasy izay koa mantsy no tena voizin'i Nannah.

**Tanya.R**

Kitra - Lalao Iraisampirenena vehivavy

# Tsy afa-bela mihitsy ny Mont Fleuri Rovers FC



**Ben'ny tanàna seriny amin'ny fampandrosoana ny baolina kitra. (Sary: a.r)**

Mbola tsy namelan'ny Athletic Club SABotsy NAMehana raha tsy resiny fanindroany ny ekipan'ny Mont Fleuri Rovers FC, teny amin'ny kianjan'ny Elgeco Plus – By Pass tamin'ny faran'ny herinandro teo. Niondrika tamin'ny isa 4 no ho 2 raha efa 4 no ho 0 ny vokatra tamin'ny lalao mandroso. Azo lazaina kosa anefa fa tena nifandanja ny fihaonana teo amin'ny ekipa roa tonta, nandritra ny fizarampotoana voalohany, izay nisaraka ady sahala 1 no ho 1. Samy nahatafiditra baolina tokana avy i Nivo "Vitsika" (8 mn) sy Itana Lagrenade (12 mn), izay nahay nanararaotra ny baolina navotsotr'i Malala mpiandry tsatobin'ny AC SAB NAM , tamin'ny « coup franc » nodakan'i Mampy, mpilalaon'ny Disciples FC nanantevin-daharana ny MF Rovers FC, niaraka tamin'i Tity (Poste 6 ) sy Elisa (irakiraka), manomana ny fiatrehana ny "Poule des As" amin'ny fiadiana ny tompondakam-pirenena ho an' ny divizionina voalohany vehivavy, hatao amin'ny volana febroary.

**Afa-po ny mpitia kitra**

Nandritra ny fizaram-potoana faharoa dia nanova tetidalao tanteraka ny mpanazatra Rakotomalala Johary Nirina "Malama" sy Herihaja Rakotovao "Dam", ka tsy tana i Bao (55 mn) sy Dadou (60 mn) fa nampitombo ny isan'ny baolina tafiditry ny ekipany. Tetsy andanin'izany dia tsy nianona tamin'ny fiarovantena intsony ireo mpilalao malagasy, nampian-dry Jahnella Moustache sy ry Guyra Boniface, fa nanafika tany amin'ny tanin'ny Sabotsy Namehana hatrany. Tsy tana ny kapiteniny Pascallina Moustache fa nanena ny isa ho 3 no ho 2, teo amin'ny faha-80 minitra nilalaovana. Nihevitra teo ny mpijery baolina fa hitohy ny ezaka nataon'ny "seychelloises", hanasahala ny isa na hivoaka ho mpandresy mihitsy. Nampiditra baolina fanindroany indray anefa i Nivo "Vitsika", valo minitra tsy hifaranan'ny lalao. Afa-po tamin'iny fihaonana iny ny mpankafy baolina kitram-behivavy satria tsy mbola nisy mihitsy klioba tokana, nanasa ekipa avy any ivelany toy ny AC SAB NAM, teo amin'ny tantaran'ity taranja iraisana iray ity teto amin'ny firenentsika. AC SAB NAM (Vakinankaratra), izay manomana fatratra ihany koa ny "Poule des As", hibatany fanineniny ny amboaran'ny tompondakam-pirenena. Hifampitana aminy ny rahavaviny Disciples FC avy any Vakinankaratra sy ny MIFA Analamanga ary ny ASCUF Matsiatra Ambony. Ho mariky ny fankasitrahana azy tamin'ny fandraisana sy ny fampiantranoana ny ekipan'ny MF Rovers FC, dia nanolotra fanomezana sy ny sainam-pireneny tamin' Atoa Avotraina Andriamosa, Filoha mpanorina ny AC SAB NAM, ny mpanazatra Ahmed sy Amien Jean. Marihina fa i Ahmed dia mpilalao malagasy matihanina tany Seychelles, ary efa manazatra ny ekipan'i Tsaramandroso FC avy any Boeny koa amin'izao fotoana izao. Nitondra ny anjara birikiny tamin'ny fanomezan-tanana ny ekipan'ny AC SAB NAM ny orinasa Cotisse sy ny vondrona Fanomezana.

**Tsara ho fantatra**

***AC Sab Nam*** : 16.Malala-6.Bao-3.Prisca-20.Anita-2.Aina-8.Holy-17.Lydia-19.Judith-10.Jenny, milalao any Mayotte fa nanatevin ny ACSN-15.Iraikao-18.Tahiry-5.Génévieve (kap)- 13. Sandra-14.Abdilaya-12. Kanto-4.Hanitra-7.Soraya-9.Nivo "Vitsika"; *Mpanazatra* : Rakotomalala Johary Nirina "Malala" – Rakotovao Herihaja "Dam"

***Mont Fleuri Rovers Foot ball Club*** : 1.Elvina Mariso-4.Alisha Matatiken-17. Jumna Philoe- 14.Rania Chetty-3.Jahnella Moustache-12.Guyra Boniface-10.Vesna Cesar-8.Itara Lagrenade-15.Melissa Bouzin-7.Pascallina Moustache (kap)- 5. Nerlice Fred-6. Mahasiha Labrosser- 13. Emily Etienne ; *Mpanazatra* : Ahmed – Amien Jean.

**aris rafaly**

Filohan'ny KOM

# Tsy hanaiky ny fitsabahan'ny fanjakana amin'ny fitantanana spaoro

Tsy hanaiky lembenana intsony amin''ny fitsabahan'ny eny anivon'ny fiadidiana ny Repoblika sy ny Minisiteran'ny Tanora sy Fanatanjahantena, ny filohan'ny Komity Olympika Malagasy, Randrianasoloniaiko Siteny. Io no fanambarana nataony omaly taty Toliara taorian'ny fivoriambe narahina fifidianana, natao tao amin''ny Hotel Palm, izay nahalany azy faninefany eo amin'ny toeran'ny filoha. Mampalahelo, hoy Ingahy Siteny, ny sazy nahazo ny Karate, kanefa dia samy mpanao karaté ary manana tepana mainty avokoa ny Filoham-pirenena sy ny Minisitra ny Tanora sy Fanatanjahantena. Mazava be, hoy hatrany ity filohan' ny KOM ity, ny voalazan'ny « Nations Unis », amin''ny tsy tokony hitsabahan'ny fitondram-panjakana amin'ny fitantanana spaoro. Nasiaka mihitsy moa ny tenany nilaza fa tsy hain-dry zareo ilay zavatra. Toy izany ihany koa no nahatonga ny Tsipy kanetibe ho voasazy, hoy hatrany ity filohan'ny KOM ity, ka angatahan'izy ireo hanao fifonana any amin'ny federasiona iraisam-pirenena ny fitondrampanjakana malagasy hahafahana miverina sy manala ny sazy. Fa hatreto dia tsy azo lalaovina ireo taranjampanatanjahantena roa ireo, satria hanatrika ny Lalaon' ny Nosy 2023 ity ny CIO. Ho azy ireny dia manaraka sy mampihatra ny sazy avy amin''ny federasiona iraisam-pirenena izy ireo. Manodidina ity JIOI hatao eto ity, hanao tatitra amin'ny vahoaka isam-bolana izahay, hisorohana ny mety ho fanapahan-kevitra horaisin' ny CIJ, hoy i Siteny, satria hatreto dia tsy mbola milamina izany, ka mba ho fantatry ny rehetra ny nahatonga ny olana. Tapaka nandritra ity ÂGE ity fa aorian'ny JIOI 2023 avokoa vao hatao ny fifidianana rehetra eny anivon'ireny federasiona rehetra ireny, hahafahana mifantoka tsara amin'ny fanomanana ireo atleta sy hisorohana ny disadisa mety haterak'ilay fifidianana. Raha hiverenana dia tamin'ny alalan'ny "acclamation" no nandaniana an'ity filoha ity omaly, noho izy kandida tokoana. Federasiona 30 tamin''ny 31 no tonga niatrika izany, ny taranja tennis irery no tsy tao.

**Rabenaivo**

Basket - Tompondaka "Inter-Saison / Noel 2022"

# Nahery vaika ny ASSM - MB2ALL - FAN - DTSC

Fantatra avokoa ny ekipa farany tamin'ny sokajintaona samihafa, nibata ny amboara sy ny medaly volamena tamin'ny lalao famaranan'ny tompondakan'ny "*Inter-Saison – Noel 2022*", nokarakarain'ny "*Section de Basket-Ball Antananarivo Renivohitra*", notanterahina teny amin'ny kianja mitafon'i Mahamasina tamin'ny tontolo andron'ny asabotsy teo. Nahery vaika teo anatrehan' ny mpifanandrina taminy avy ny ekipan'ny ASSM (U13G) – MB2ALL (U17F) – Fandrefiala (U19G) – DTSC (N1BH). Lavon'ny boaikelin'ny Masindahy tamin'ny isa 60 no ho 41 ny JCBA Ambohimanarina (18/12 – 10/21 – 23/11 – 24/20 ). Nitarika hatrany ny mpilalaon'i Rina sy Kiady, nanoloana ny "miaramila" kelin'i Tojo. Manana ny hoaviny ny mpilalaon'ny ekipa roa tonta amin'ny fiangaliana ny basket-ball, toa an-dry Niamy / Ulrich /Tony (ASSM) sy ry Rianala/Del Marc/ Tahina (JCBA). Efa tany amin'ny ampahefa-potoana fahefatra farany kosa vao nisongadina ny fandresen' ny tovovavin'ny MB2ALL ny LUCADRO Ambohimanarina tamin'ny isa 49 no ho 42 (07/12-18/12-07/11-17/07), izay tsy misy mpilalao afa-tsy valo, kanefa ny anankiray tamin'izany ihany no afaka nisolo ny toeran'ny namany teny an-kianja. Nambaran'ny mpanazatra Felix sy Titisy fa tratran'ny fanaviana ny mpilalaony sasany ka tsy afaka nilalao. Tetsy andanin'izany dia nisongadina ny mpilalaon'i Ndranto, nanatevin-daharana ny Ankoay tamin'ny "*Afrobasket U18*", natao tany Antsirabe, toy ny kapiteniny an'i Larissa, izay azo lazaina fa MVP tamin' iny fihaonana iny. Teo amin' ny latsaky ny 19 taona tovolahy dia tena nampitolagaga ny mpijery ny fahaizamanaon'ny Fandrefiala sy ny AKBB, izay tsy nifampitsitsy mihitsy fa samy nampiseho ny fahaiza-manaony sy ny talentany avy. Tamin' ny isa 67 no ho 58 (16/15-24/11-12/18-25/14) no nandresen'ny ekipan'i Tsiory sy Cyrille, nanoloana an-dry Kim's sy Ricky. Nanatombo teo amin'ny traikefa ny ekipan'ny Fandrefiala. Fihaonana farany, narahina taorian'ny fanokafana tamin'ny fomba ofisialy ny taompilalaovana, dia ny lalao famaranana "N1B" lehilahy, nifanaovan'ny Dream Team Sporting Club sy ny AMBB, izay niondrika tamin'ny isa 75 noho 64 (18/12-10/21-23/11-24/20). Nisongadina ny fahaiza-miaraky ny mpilalaon'i Bayard Razafindralambo. Teo amin'ny ampahefa-potoana faharoa ihany no nitarika tamin'ny isa 21 no ho 10 ny ekipan'i Mandroseza. Any amin'ny fiadiana ny tompondaka indray no mifampitady !

**aris rafaly**


## PETITES ANNONCES *Gazetiko*

### MIVIDY

* Fanaka, frigo, congélateur, chaine, télé, an-dakozia etc… Tél : 034.74.225.75 / 033.25.796.88. (G-BA 439/20-8)

* Debara, frigo, fanaka, TV, vy, boky, kilalao, kiraro. Rason Jean Jacques. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 432/15-11)

* Miora. Mividy kojakoja, fanaka, kiraro, poketra, debara sns. Tél : 034.22.160.88 / 033.72.834.38. (G-BA 433/20-11)

* Frigo, congélateur, fanaka, machine, kojakojan-dakozia… Tél : 033.11.173.27 / 032.40.056.16. (G-BA 438/20-8)

* Fanaka, frigo, congélateur, salon, bahut, armoire sns. Tél : 034.20.405.10 / 033.11.785.44. (G-BA 438/20-8)

* Mividy lamba, kiraro, poketra, debara, fanaka, frigo, télé. Tél : 033.04.572.23 / 034.43.260.88. (G-BA 441/6-6)

### COURS

* Cours de coiffure accéléré tsisy écolage afaka misafidy fotoana ianarana. Tél : 034.51.209.99. (G-BA 434/20-10)

* Cours de coiffure accéléré Isotry Ampitan'ny mpivaro-kazo. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 435/10-10)

* Cours d'Anglais parlé et écrit à domicile ou particulier. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 443/3-1)

### FAMPIANARANA

* Fampianarana manety lehilahy « Coupe homme ». Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 435/10-10)

### SERVICE

* Vidange fosse, wc perdu, puisard, plombier, réparation Makiplast. Tél : 034.86.276.79. (G-BA 442/6-4)

### VIDANGE

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 440/6-5)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 440/6-5)

* Manao ny asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdu, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 440/6-5)

Mandrosoa Ivato

# Vahiny metisy novonoina tamin'ny fomba feno habibiana

*Tsy nikorontana ilay efitrano, raha ny fizahana natao teny ifotony.*



**Novonoina tamin'ny fomba feno habibiana.**

Novonoina tamin'ny fomba feno habibiana tao antranony ny lehilahy iray metisy "franco-allemand" antsoina hoe Razafintsambaina Hans Peter Andrianome (60 taona), monina etsy Mandrosoa Ivato. Hita tao anaty efitranony ny vatana mangatsiakany ny andron'ny sabotsy teo. Nihohoka ny razana ary natambatr'ireo olon-dratsy ny tanany sy ny tongony sady nifatotra. Ny lohany norakofan'ireo tamin'ny lamba sy ondana ary nifatotra tady ihany koa. Tsy nisy nikorontana tao amin' ilay efitrano, raha ny fizahana natao teny ifotony. Ny mpikirakira sakafon'ity namoy ny ainy ity no voalaza fa nahita ny zava-nisy. Naratra ihany koa io olona io satria voalaza fa nifatotra teo akaikin'ny varavarana, araka ny loharanom-baovao. Araka ny loharanom-baovao hatrany dia nirahan'ilay mpampiasa azy teny Talatamaty io mpikirakira sakafo io. Rehefa niverina izy dia voalaza fa nahita olona efatra tao amin'ilay trano. Ny momba ireo olona ireo anefa dia tsy mbola fantatra fa anatin'ny fanadihadiana ny mpitandro ny filaminana. Rehefa nantsoina ihany koa ny zandary dia nanamafy fa efa misy olona tazomina vonjimaika amin'ity raharaha ity ary miroso ny famotorana.

**Fanafihana**

Nidina avy hatrany teny an-toerana ny zandary avy ao amin'ny brigady Talatamaty rehefa nampandrenesina ny zava-nitranga. Raha ny fanazavana avy tamin'ny mpitandro ny filaminana dia tokony tamin'ny 12 antoandro teo no niseho ny asa ratsy, saingy efa tamin'ny 6 hariva vao nisy nampandre ny tranga izy ireo. Hatreto aloha dia tsy nisy resaka fanafihana velively ity tranga ity fa vono olona, satria tsy nisy voakitika ny entana tao amin'ilay trano, hoy ny loharanom-baovao. Taorian'ny fizahana nataon' ny zandary teny an-toerana dia nantsoina ihany koa ny mpitsabo ao amin'ny "CSB2 Ivato". Voalazan'ireto tomponandraikitra fa novonoina tamin'ny alalan'ny kapoka ity metisy "franco-allemand" ity ka efa 12 ora tany ho any izy no tsy nisy aina intsony. Nentina any amin'ny hopitaly Hjra Ampefiloha ny razana ary efa natolotra ny fianakaviany.

**Ariel D.**

Ankorondrano Andrefana

# Trano 13 ravan'ny afo

Nandravarava ny afo tetsy Ankorondrano Andrefana, boriborintany fahatelo, Antananarivo Renivohitra, omaly maraina. Trano maromaro no hotohoton'ny afo teny an-toerana. 13 tafo no kila tao anatin'ny ora vitsy, ka namela traboina 60 mahery. Tsy mbola voafaritra mazava ny niandohan'ny afo. Na izany aza dia nifarimbona nanao ny ainy tsy ho zavatra ny fokonolona namono izany, saingy tsy nahitambokany. Ireo mpamonjy voina no tonga teny an-toerana nony avy eo ka nanampy ny mponina sady nifehy ilay hain-trano tsy nitatra. Betsaka ny entana simba tamin'ity loza ity saingy mbola tsy fantatra ny tetibidin'ny zavatra simba.

**Ankazomanga**

Tsara ny mampahatsiahy fa vao ny talata teo ihany koa no nitrangan'ny haintrano goavana teny Ankazomanga Tsaramasay, anatin'ny boriborintany fahatelo Antananarivo Renivohitra. May avokoa ny entana fa tsy nisy tafavoaka. Nizara roa moa ny filazan'ny olona ho antony nahatonga an'izany loza izany. Tao ireo nilaza fa hoe afo tamin'ny fatampera nitongilana no nitatra nananika ny trano ka nampirehitra azy. Ny sasany kosa nanamafy fa hoe fipoahan' ny herinaratra no nitarika ny loza. Tsy fantatra araka izay ny tena zava-nisy marina fa ny fanadihadiana no hamaritra ny antony.

**Ariel D.**

Ambatofinandrahana

# Olona 4 maty nilatsahan'ny varatra

Namono olona indray ny varatra tany amin'ny faritra Amoron'i Mania iny, ny herinandro teo. Naka ain' olona 4 izany tao Ampandrambe, fokontany Ambararatasarotra, kaominina ambanivohitra Mandrosonoro, distrikan'Ambatofinandrahana. Ankoatra ny aina latsaka dia trano iray ihany koa no may vokatr'izany varatra izany. Vokany 4 no namoy ny ainy ka ny 3 tamin'ireo dia mpianadahy mpiray tampo (20 taona, 12 taona ary 10 taona). Ny iray fahefatra kosa zazavavy 11 taona. "Tao amin'ny efitrano avaratra ireto niharan-doza ireto. Olona iray hafa ihany koa, tao ihany saingy tany amin'ny efitrano hafa atsimo tamin'io fotoana io. Ity farany dia avotra soa amantsara rehefa niditra ny varatra ka tsy nisy natahorana ny ainy. May ny tafo sy ny entana tao an-trano. Ireo namoy ny ainy kosa may kila ary tsy nisy namantarana azy intsony ny razana. Efa voalevina avokoa moa izy ireo taorian'ilay loza.

**Ambohimahasoa**

Tsiahivina fa nitrangan'ny fahafatesana olona nilatsahan'ny varatra izay ihany koa tany amin'ny distrikan' Ambohimahasoa. Fianakaviana iray trano no nilatsahan'ny varatra ka olona 11 mianaka no indray lasibatra. Olona roa izay mpivady tamin'izy ireo no namoy ny ainy ary olona sivy hafa kosa naratra. Nisy oram-be nikija tany an-toerana tamin' io fotoana io ka nandritra izany no nirefotra ny varatra ary niantefa tany amin'ireto mpianakavy ireto dia io nitarika fahafatesana tsy tra-drano ho an'ireto mpivady ireto sy nandratra ireo olona sivy hafa. **Ariel D.**

Tsiroanomandidy

# Nanao hetsika ny mponina, tany manan-tompo bodoin'ny kaominina



**Ilay tany manan-tompo kasain'ny kaominina hanorenana.**

Miantefa any amin'ny ben'ny tanàna sy ny filohampokotany ny hetsika fitakiana nataon'ny mponina satria toherin'ireto tomponandraikitra ireto ny fampiasan'ny tompony ny tany mitondra ny « référence FN:13_0/88 » eo amin'ny toerana atao hoe fokontany Avarantsena distrikan'i Tsiroanomandidy. Tsy nanaiky ny zanaka atsimo monina ao Tsiroanomandidy, fa heverin'izy ireo ho fananaraotampahefana izao ataon'ingahy ben'ny tanàna sy sefomponkontany izao. Nihetsika izy ireo araka izany ary nilaza ny tsy hilefitra fa hanohy ny fitakiany raha mbola mitohy ny fibodoana ilay toerana. "Nametrahanay tamboho teo mba hamaritana fa anay ny tany. Rehefa nandeha ny asa dia namoaka didy "arrêté communal" ny ben'ny tanàna hampitsaharana izany fa hoe tsy manara-dalana hono ka io no nampitokona ny fikambanana zanaka Antandroy. Marihina fa efa nisy ny fangatahana an'io tany io tamin'ny taona 19 88. Voafitaka ny ray amandreninay satria nolazaina fa tanim-panjakana ilay izy kanefa taty aoriana nisy nahazo ihany ilay tany ary voaporofo, amin'ny alalan'ny trano miorina ao ankehitriny. Olona telo samihafa izao no namarotana ny tany ao Avaratsena ity, izay iraisan'ny ben'ny tanàna ao Tsiroanoamandidy sy ny sefompokontany. Rehefa anay ny mikarakara dia asiana olana fa rehefa olon-kafa dia mandeha ho azy. Izahay efa tamin'ny taona 1988 fa ny an'ny sasany taona 2021 .

*Nitokona ny fikambanana zanaka Antandroy manoloana ny fanakanana an'ilay fanorenana tamboho.*

**Nanamaintimolaly**

Rehefa mba manantona any amin'ny ben'ny tanàna izahay dia manakatom-baravarana izy. Feno tsindry sy fanamparampahefana ilay raharaha ary azo lazaina fa misy kolikoly mihitsy satria misy fanavakavana sy tsindry ary fanavahana. « Rehefa izahay atsimo ve dia tsy mahazo tany ? ka tsy rariny izany ary hijoro izahay satria hafatra napetran'ny ray amandreninay ny fananany io tany io fa noho ny tsindry sy fanaparam-pahefana dia nilefitra izy na dia nanamaintimolaly ilay toerana aza » hoy ny zanaky tompokolahy Reitinony izay tompon'ny toerana. Marihina fa nanorina tamboho teo ireto taranaka ireto. Mialoha izany dia tonga nanantona ny ben'ny tanàna izy ireo mba hampanaran-dalana ny asa saingy tsy noraisin'ny ben'ny tanàna. Noho io dia mitondra ny fitarainana ho an'ny tomponandraikitra ao Tsiroanomandidy ny lasibatra , miantso an'ny governora sy ny prefektiora ary ny mpitandro ny filaminana mba hijery akaiky ny raharaha. Voalaza fa mikasa hanangana birao eo mantsy ny kaominina ka izany no miteraka savorovoro satria an'olona ny toerana.

**Ariel D.**

## Manal azy de mimeme



## Sarisary zary tenany

*Mafana*




## Hatsikana an-tsary

*Ohabolana*




## Masoandro miposaka

**Ezekiela 36 : 33**


Izao no lazain'i Jehovah Tompo: Amin'ny andro hanadiovako anareo ho afaka amin'ny helokareo rehetra dia hametrahako mponina ao amin'ny tanana, ary haorina indray ny efa rava.

## Indray mipika





Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




Tantara sy sary: Nil

## Ohabolana



**Aza manao fihavanan-kerana ; ka tomany handratra ny sasany.**

Que votre amitié ne soit pas comme les joncs "herana" qui pleurent de ne pouvoir se blesser les uns les autres.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2852

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | | | | 6 | | | 5 | |
| | | 6 | | | 4 | | 9 | |
| | | 3 | | 9 | 8 | | | 4 |
| 8 | | | | | | | | |
| | | | 2 | | | 6 | | |
| | | | | | 7 | | | |
| | 4 | | | | | | | |
| 6 | | 5 | | 8 | | | | |
| | | | | 3 | 2 | 7 | | |

Valin'ny laharana 2851

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 5 | 7 | 3 | 6 | 2 | 1 | 8 | 9 | 4 |
| 2 | 1 | 6 | 9 | 8 | 4 | 5 | 7 | 3 |
| 9 | 8 | 4 | 3 | 5 | 7 | 1 | 2 | 6 |
| 7 | 2 | 1 | 5 | 6 | 3 | 9 | 4 | 8 |
| 6 | 5 | 9 | 4 | 7 | 8 | 2 | 3 | 1 |
| 4 | 3 | 8 | 1 | 9 | 2 | 6 | 5 | 7 |
| 8 | 4 | 5 | 2 | 3 | 6 | 7 | 1 | 9 |
| 1 | 9 | 7 | 8 | 4 | 5 | 3 | 6 | 2 |
| 3 | 6 | 2 | 7 | 1 | 9 | 4 | 8 | 5 |

Filoha Mpanampy ny FJKM

# Nanao tsindrim-paingotra ny tsy rariny eto amin'ny firenena

*Nampiseho fahasahiana niteny ny zava-maharary eto amin'ny firenena ny fiangonana FJKM.*

Vely kanonta ! Nahitsy ary tsy nisorona ny toriteny nataon'ny Filoha Mpanampy ao amin'ny fiangonana FJKM nandritra ny fanompoam-pivavahana teny Antsonjombe omaly alahady. Nibahan-toerana tamin'ny fanazavana ny toriteny nataon'ny Mpitandrina Zaka Andriamampianina ny fanaovana tsindrom-paingotra mafy ny tsy rariny misy eto amin'ny firenena. Nampifandraisiny tamin'ny alalan' ireo andian-tsoratra masina ao amin'ny baiboly ny zavamisy iainan'ny vahoaka ankehitriny. Nantitranteriny tamin'izany fa « *tia fahamarinana Andriamanitra ka mila ampanjakaina ny rariny*". Nambarany tamin'izany fa mila esorina amin'ny fiainana andavanandro ny tsy rariny. Voateny tao anatin' izany avokoa ny lafiny sosialy, toekarena sy politika eo amin'ny fomba fitantanana ny firenena. Ity farany ity no notsindriany mafy sy tena nivalamparany. Nohararaotiny nampitana ny hafatra ny maha taonan'ny fifidianana ity taona 2023 ity. Nohitsiny fa manasarotra ny olana sy ny famahana izany ny fisian'ny hala-bato. "*Tsy marin-toerana izay mpitondra miaina amin'ny hala-bato fa mpampihorohoro izay manelingelina azy* », hoy ity Filoha Mpanampy eo anivon'ny FJKM ity. Nanamafy izy fa tsy hisy fampandrosoana sy fiainam-pirenena handeha izany raha mbola ny hala-bato no manjaka eto amin'ny tany sy ny fanjakana. Eo amin'ny lafiny toekarena, dia nilaza ity mpitandrina ity fa be loatra ny zara vilana sy ny fampahatrana vahoaka amin' ny alalan'ny tsy fahaizamitantana. Noraisiny ohatra tamin'izany ny vola fanampiana omen'ny Banky Iraisam-pirenena izay voalazany fa mitentina 3,3 miliara dôlara raha mihoatra lavitra noho izany na 800 miliara dôlara ny tahirinkarena ankibon'ny tany fotsiny. Ho an'ireo mpitondra tia manjakazaka sy mampihorohoro ny vahoakany, hafatra napetrany ny tokony tsy hianteheran'izy ireo amin'ny herin'ny tafika. «*Tsy ny herin'ny miaramila na ny fitaovam-piadiana no mahatafavoaka, fa ahenao ny tetibolan'ny tafika dia ampitomboy ny vola ampiasaina any amin'ny fambolena sy ny famokarana*», hoy ihany izy. Nohamafisiny fa ny fanarenana ny toekarena ny tokony hilofosana sy hatao laharam-pahamehana.



**Tomponandraikim-panjakana maro no tonga nanotrona ny hetsika teny Antsonjombe omaly.**

**Mpanao politika maroloko**

Amin'ny maha fotoandehibe azy moa, dia saika tonga namaly ny antson'ny FJKM ireo mpanao politika maroloko. Tazana teny antoerana ireo avy amin'ny antoko mpanohitra zanaky ny fiangonana, ireo minisitra sy tomponandraikitra ambony eo anivon'ny fitondrana. Nisy tamin'izy ireo no tezitra sy tsy nahazaka ny hafatra ka nampiaka-peo sy naneho hevitra avy hatrany. Nisy ny nitsaitsika nitady lalana rehefa vita ny hetsika fa tsy te hanontaniana ny fahitany ny votoatin'ny toriteny. Anisan'ny nilaza ny heviny tao anaty tambajotrantserasera ny Governoran'ny faritra Analamanga, izay nanambara fa « *tsy tokony hampizarazara sy atao fitaovana politika ny fivavahana* ». Ny minisitry ny Angovo kosa nilaza fa naratra tanteraka ny fony tamin'ilay toriteny natao. Izay izany ilay voalazan'ny fitenenana hoe izay « *voa manodidina* !».

**JUDD**

Andrianainarivelo Hajo tany Betafo

# "Tsy mandeha araka ny tokony ho izy ny fitantanan-draharaham-panjakana"

Nanatanteraka fihaonana tamin'ireo mpikatroka MMM tao amin'ny distrikan'Antsirabe sy Betafo ny Filoha nasionalin'ny antoko Malagasy Miara-Miainga ny faran'ny herinandro teo. Tsy nisorona ny tenany raha nilaza ireo fasahiranana vokatry ny tsy fahazaimitantana ny firenena ankehitriny. «*Tsy mandeha araka ny tokony ho izy ny fitantanan-draharaham-panjakana ka mikorosy fahana ny fiainam-bahoaka*", hoy i Hajo Andrianainarivelo tao Betafo ny sabotsy lasa teo. Isan'ny hevitra efa novoizin'ny antoko MMM hatramin'izay moa ny resaka fitsinjaram-pahefana. Nohamafisiny fa tsy tokony iandrasana ny fanjakana foibe ny vina fampandrosoana. "*Tokony samy mandray ny tandiry azy ny tomponandraikitra isantokony mba hipaka amin'ny eny ifotony ny fitsinjarampahefana. Miainga amin'ny isan-tokatrano ny fampandrosoana ny firenena* », hoy ihany izy. Nilaza ity mpanao politika ity fa tsy afaka hampandroso an'i Madagasikatra irery ny MMM fa ilaina ny mifanome tanana hahafahana manova ny firenena. Nentaniny ireo mpikambana mba hanampy ny kaominina tantanan'ny MMM, tahaka ny ao Antohibe distrika'i Betafo. Tetsy andanin'izany, navohitrany fa mandalo fotoan-tsarotra ny firenena ankehitrny. "*Aoka tsy hifamitaka isika ka hilaza fa mandeha ny firenena. Ny itarafana sy andrefesana fa mandroso ny firenena, dia ny ao ambilany sy ny ao an-tokatrano ihany* », hoy ny Filohan'ny MMM. Nohamafisiny tamin' ny vahoaka fa hiatrika fifidianana isika ka nentaniny ny rehetra hisoratra anaty lisi-pifidianana sy hanaramaso izany. Tao Antsirabe, hentitra ny tenany raha nilaza fa tsy ijerena arina an-tava ny fitantanana raharaham-pirenena ka hanaovana kolikoly sy ny kiantranoantrano.

**JUDD**




**Tsy nisorona ny Filohan'ny antoko MMM raha naneho hevitra tao Betafo.**

## Marina izany !

### Saropady !

**Niteraka fanehoan-kevitra samihafa, na izany tamin'ny tambajotra sosialy na izany teo amin'ny olona samihafa, ny toriteny nandritra ny fanompoam-pivavahana nataon'ny FJKM omaly teny amin' ny Coliseum Antsonjombe. Fanompoam-pivavahana nitondrana am-bavaka ny Filohan'ny FJKM mianakavy sy ny taom-piasana 2023. Tsy hiditra amin'ny fanehoan-kevitra isika, satria mety mbola hiteraka adihevitra izany. Fa ny tsy azo lavina kosa dia betsaka ny nanaraka ilay toriteny matoa niteraka fanehoan-kevitra. Indrindra indrindra moa fa nandeha mivantana tamin'ny fahitalavitra sy onjampeo sasantsasany teto Antananarivo Renivohitra ilay izy. Mampitodika antsika amin'ny zavanitranga teto amin'ny firenena tao anatin'ny herinandro vitsivitsy izay niteraka fanehoan-kevitra sy fifamaliana mihitsy aza moa ny zavatra miseho. Manahirana ny miresaka ireo, satria saropady ny zavatra niseho ka mila fahaizana mihaino sy mandray hevitra. Ary vao mainka maha-saropady azy, mianjera indrindra ao anatin'ny fanombohan'ny taona hiatrehan'ny firenena fifidianana ireo tranga ireo. Ny marina rehetra, hoy ny vazaha, tsy filaza kanefa bonga takona ny marina ka tsy maintsy hiseho ihany. Mangetaheta izay marina izay isika ankehitriny eo amin'ny zavatra atao rehetra, ka rehefa misy ny tsy marina dia tonga ny tsy rariny. Manamafy ny maha-saropady ny fikirakirana ny zavatra niseho izany, satria lasa tsy mampiombona fa mampisaraka izany, hany ka manapaka sy manimba ny fihavanana izay sady sarobidy nefa ihany koa indraindray saropady !**

**Herivonjy RAJAONAH**

Marc Ravalomanana tany Toliara

# Naneho ny ahiahiny momba ny fahaleovantenan'ny CENI

Mitohy ny fitetezam-paritra ataon'ny mpitarika ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM). Tany Toliara indray Atoa Marc Ravalomanana sy ireo mpanara-dia azy no nitarika ny hetsika fankalazana ny faha-20 taona ny antoko TIM ny sabotsy lasa teo. Toy ny mahazatra, dia misy hatrany ny kabary politika ataony rehefa mamory vahoaka toy izao. Nandritra ny izany no nilazany ny ahiahiny ny momba ny fahaleovantenan'ny CENI, izay voatondro hikarakara sy hanomana ny fifidianana filoham-pirenena amin'ity taona ity. « *Ahoana ny itokisana ity Vaomieram-pirenena mikarakara ny fifidianana ity nefa ny fepetra napetraky ny Vondrona Iraisam-pirenena toy ny SADC sy ny Vondrona Eorôpeana aza tsy arahiny akory* », hoy izy tamin'ny lahateniny. Namafisiny fa vonona amin'ny fomba rehetra ny tenany hiady amin'ny hosoka sy ny hala-bato mety hiseho. Lanonana telo sosona moa no notanterahin'izy ireo tany Toliara. Tafiditra ao anatin'izany ny Kongresin'ny antoko TIM tao amin'ny faritra Atsimo Andrefana, ny fankalazana ny faha-20 taona ny antoko, ary ny fifampiarahabana noho ny taona vaovao 2023.

**JUDD**

**TOLOTRA MANOKANA Gazetiko**

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

***Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.***

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

FJKM

# Hovitaina amin'ity taona ity ny oniversite ao Toamasina

Manana vina lehibe ho an'ny fanabeazana ny FJKM amin'ity taona 2023. Anisan'izany ny fanamboarana oniversite telo kasain' ny FJKM hatao mandritra ny taom-piasan'ny birao ankehitriny. Ny oniversite any Vakinankaratra efa vita, toraka izay ihany koa ny any Mahajanga ary ny oniversite fahatelo farany hatao any Toamasina amin'ity taona ity. Ankoatra an'izay, sekoly FJKM 111 no hatao, ka ny 41 amin'ireo efa vita. Manentana amin'ny fambolena ala ihany koa ny FJKM, ka ny sabotsy izao dia hisy ny fambolena ala atao amin'ny velarantany 5Ha, ataon'ny kristianina protestanta any Mahitsy. Manankarena rano isika ary anisan' ny harena be io, saingy ilaina ny fahaizana mitantana sy fizarana araka ny tokony ho izy azy. Tamin'ny taona 2022 manokana, ny rakitra voangona nataon'ny kristianina tao amin'ny Coliseum no nahafahana namita vovo 11. Fantatra izany rehetra izany nandritra ny fanompoam-pivavahana nataon'ny FJKM ho fitrotroana am-bavaka ny filohan'ny FJKM, pasitera Irako Andriamahazosoa Ammi sy ny taom-piasana 2023. Mahatratra 5 tapitrisa eo ny mpino FJKM amin' izao fotoana izao ary nitarika resabe ny toritenin'ny filoha lefitry ny FJKM, ny pasitera Andriamampianina Zaka, izay nitanisa ny zavamisy iainan'ny Malagasy amin'izao fotoana izao. Tsiahivina fa ny FJKM no hitondra ny FFKM amin'ity taona ity. Mba ho "taonan'ny finoana, taonan'ny asa ary taonan'ny fankatoavana" ity taona 2023 ho an'ny kristianina rehetra.

Toetry ny andro

# Hitohy anio ny oram-baratra eto Analamanga

Mbola hitohy anio ny orambaratra izay ahiana mbola hitarika fanelingelenana sy ranobe ary fihotsahan'ny tany. Mbola manankery ny filazana fampitandremana miloko mavo ho ireto faritra ireto dia faritra Sofia, Analanjirofo, Atsinanana, Alaotra Mangoro ary Analamanga. Hiverina ho maina kosa izany ho an'ny sabotsy sy ny alahady ary hikisaka mianandrefana kokoa aorian' izay. Entanina ho mailo foana eo anatrehan'izany ny rehetra, indrindra ireo mipetraka amin'ny faritra iva amin'ny mety ho fiakaran'ny rano sy renirano ary ny eny amin'ireo faritra avo amin' izay mety ho fihotsahan'ny tany sy vato. Mikasika ilay tangoron-drahona hita ao amin'ny ranomasimbe indianina kosa, vinavinaina any amin'ny 15 janoary 2023 any vao mety hisy fivoarana sy ho voafaritra ny mety ho lalany. Amin'izany, vinavinaina hitoetra ireo fepetra manome vahana ny fivoarana rivodoza manakaiky an'i Madagasikara. Ahiana mafy ny hisian'ny rivodoza mety hahakasika ny distrikan'i Vohémar, Sambava, Antalaha, Maroantsetra, Toamasina, Vohibinany, Vatomandry, Antanambao Manampotsy, Mahanoro, Nosy Varika, Mananjary ary Manakara. Dieny izao dia tokony hiomana amin'ny fiatrehana izany ireo distrika rehetra ireo.

**Nath**

Fitrandrahana fasimainty ao Toliara

# Niverin-dalana ireo mpanohitra ny tetikasa

Mihasahirana ireo vahoaka ao amin'ny faritra Atsimo Andrefana. Lasa manohana ary mitaky ny fanokafana ny fitrandrahana fasimainty ataon'ny Base Toliara ny ankamaroan'ireo mponina sy fikambanana nanohitra ity tetikasa ity tany amboalohany. Anisan'ireo nafana fo tamin'ny fanakanana ity tetikasa ity i Zafihita, na i Zazah, filohan'ny fikambanana Mazoto, miandraikitra ny kaominina Ankilimalinike sy Tsianisiha. "Efa ela no niandry ny mponina ato amin'ny fokontany Benetsy, kaominina Ankilimalinike, ary miantso ny fanjakana hanapahan-kevitra momba ny Base Toliara. Efa manaiky ny fampandehanana ny tetikasa ny ankamaroan'ny mponina. Taorian' ny fifampiresahana niarahako tamin'ireo mpanohana ity tetikasa ity sy ny fanazavana avy amin'ny tetikasa, dia resy lahatra amin'ny fampandrosoana hoentiny ho an'Atsimo Andrefana ny tenako. Lasa



Miandrandra vahaolana haingana sy maharitra ireo mponina ao Benetsy.

izaho mihitsy no nandresy lahatra ireo vahoaka tao amin'ny kaominina hanohana ny tetikasa.", hoy Zafihita. Eny fa na ireo vehivavy mpikambana ao anatin'ity fikambanana tarihin'i Sevah ao Benetsy ity aza dia manohana ny fanokafana ity tetikasa ity.

**Mila vahaolana**

Nilaza i Marcel, na i Tsiamby, mpanohitra ny tetikasa taloha, fa afaka nanohy ny fampandrosoana teny ifotony ny Base Toliara raha tsy naaton'ny fanjakana. "Efa tokony ho voavaha ny olan'ny tsy fananana asa sy ny halatra ary ny tsy fandriam-pahalemana. Tonga ny fotoana tokony hanafainganana ny fanokafana ity tetikasa ity. Mila mazava ny fanapahan-kevitry ny fanjakana. Raha tsy tiany hosokafana intsony dia tokony hambara mazava mba hahafahanay mandray fanapahan-kevitra, indrindra fa ny famindrana ny fasana izay miteraka olana ho anay. Mila mitady vahaolana hafa ao anatin'ny fotona fohy koa ny fanjakana hoentina mamaha ny fahasahiranana.", hoy Marcel. Tsiahivina fa efa tao anatin' ny telo taona no naaton'ny fanjakana ny tetikasa fitrandrahana fasimainty nataon' ny Base Toliara, noho ny hetsika fanoherana nataon' ireo mponina sy fikambanana maro samihafa. "Nanohitra ity tetikasa ity ny tenako tany am-boalohany noho ny vaovao diso nampitaina tamiko. Ankehitriny, resy lahatra amin'ny fampandrosoana hoentiny ato amin'ny kaominina sy eo amin'ny fari-piainan'ny mponina ny tenako. Hitako ny vokatra azo tamin'ny fitrandrahana fasimainty tao Tolagnaro ary afaka miteny aho fa ny sehatry ny harena an-kibon'ny tany no afaka hanampy anay, indrindra fa manoloana ny faharatsian' ny vokatry ny fambolena sy ny fiompiana. Tsy misy hohanina izahay aty, kanefa tsy nisy vaha olana naroso, ka ny Base Toliara no fanavotana ho anay ary tokony hahetsiky ny fanjakana", hoy Ignace Gildas, mponina ao Benetsy.

**R. Muray**

Fifamoivoizana - Mpitondra kamiô

# Nifamotoana teo Ankarefo

Araka ny filazana nataon' ireo mpitondra kamiô mampiasa ny lalam-pirenena faharoa, tontosa ny fitokonana fanairana nataon'izy ireo omaly. Araka ny fanazavan'dRakotoarisoa Joelson Gabriel, filohan'ny sendikan'ny kamionera raha azo an-tariby hoe: *"Somary taraiky ny fanombohan'ny hetsika omaly, raha ny marimarina kokoa, ny hariva vao tonga maro ireo kamionera nisafidy ny hampaneno lakolosy eo anoloan'ny haratsian-dalana sy ny zava-misy iainana any Toamasina. Betsaka mantsy ireo taraiky noho ny lalandratsy, nisy loza nitranga ihany koa nanapaka ny lalam-pirenena faharoa ka nahataraiky ny ankamaroan'ireo fiarabe mpitatitra entana. Nifamotoana teo Ankarefo ny rehetra ary ireo mpitondra entana mora simba sy fanafody sisa no nalefa afaka mandeha."* Efa nisy filazana nataon'ny tomponandraiki-panjakana amin'ny hanamboarana ny lalam-pirenena saingy tsy nataon'izy ireo hampihemotra izany, satria ny fanombohan'ny fanamboaran-dalana avy hatrany no andrandrainy. "Hatreto mantsy, mahatratra efatra ny isan'ireo fiara kamiô nitrangan'ny loza ary raha tsy misy fepetra faran'izay haingana dia ho ripaka eto izahay mpitatitra mpampiasa lalam-pirenena. Efa nisy ihany koa taratasy nalefa any amin'ny minisiteran'ny fitaterana saingy tsy mbola nisy valiny izany. Miankina betsaka amin'ny valin'ny fivoriana hataon'ireo kamionera kosa ny tohin'ny hetsika" hoy hatrany Rakotoarisoa Joelson Gabriel.

**Nath**

Covid-19

# 28 ny tranga vaovao hita

Tamin'ireo olona 449 natao fitiliana nandritra iny herinandro iny, 28 no hita fa mitondra ny valanaretina covid 19. Misy 5 kosa tratran'ny fahasarotana ka mila arahimaso akaiky. Faritra fito kosa amin'izao fotoana izao no ahitana izany eto amintsika: 20 tamin'ireo tranga ireo teto Analamanga, 1 tany Itasy, Vakinankaratra 1, Matsiatra Ambony 3, Diana 1, Atsinanana iray ary Atsimo Andrefana iray. Tsy nisy kosa ny aina nafoy tao anatin'izany herinandro izany. Mbola misy sy mitoetra eto amintsika ity valanaretina ity. Samy miezaka miaina ao anatiny anefa ny rehetra ary samy miaro ny tenany sy ny fianakaviany. Tafiditra ao anatin'izany ny fanaovana arovava izay zary lasa fahazarana ho an'ny olona sasany.

**Nath**

Minisitry ny mponina

# "Tsy mivaro-janaka ny Malagasy, fomba ny mitaiza ny zana-kavana"

Manoloana ilay vaovao diso niparitaka tamin'ny haino aman-jery mikasika ny fisian'ny fiavarotan-janaka na zaza tany Ikongo dia nanao fanambarana ny Minisitry ny mponina Rtoa Soafilira Princia fa *"iarahantsika niaina ny savorovoro vokatry ny vaovao tsy marina manambany ny kolontsaina malagasy. Tsy mivaro-janaka ny Malagasy. Ary ny soatoavintsika dia manamafy fa ny trano atsimo sy avaratra, izay tsy mahalen-kialofana. Fomban'ny Malagasy ny mitaiza sy manatafita ny zana-kavana, indrindra rehefa misy ny fahasahiranana. Maneho fitiavana izany. Mazava ny fanambarana nataon'ireo sokajin'olona maro samihafa sy ny komity mahaleo tena mpiaro ny zon'olombelona, na CNIDH, ary ireo tomponandraiki-panjakana isan-tsokajiny any Ikongo. Mazava ho azy, eo ihany koa ny Minisiteran'ny Mponina amin'ny alalan'ny Talem-paritra izay efa nanao fampitan-kafatra mahakasika iny toe-draharaha iny. Hamafisiko fa betsaka ny hetsika efa vitan'ny Minisiteran'ny Mponina, miaraka amin'ireo mpiara-miombona antoka arabola sy ara-teknika".* Raha ny fiahiana ara-tsosialy ao Ikongo dia efa misitraka izany ireo mponina any an-toerna, ka efa nahazo ny fanarenana ara-tsosialy vokatry ny haintany sy ny rivodoza.*"Mangataka sy miangavy antsika mpanao politika re tompoko ô! Marina fa misy ny tsy fitoviana fomba fijery eto amin'ny firenena ary samy entanin'ny fitiavan-tanindrazana isika, kanefa aoka mba ho toe-javatra tena marina no ahely. Mino sy matoky aho fa amin'izao fotoana izao dia malahelo ny mponina any antoerana satria dia niniana natao ho mpivaro-janaka izy ireo noho tsy fitoviam-pijery ara-politika ho entina mandoto ny fitondram-panjakana"*, hoy hatrany Rtoa Minisitry ny mponina Soafilira Princia. Maniry izy mba tsy hiverenan'ny zavatra tahaka ireny intsony fa tsy soa ho an'ny fiarahamonina malagasy ireny.

**Heriniaina A.**


**Gazetiko**

novokarina sy natontan'i MIDI MADAGASIKARA S.A.

Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola Ar 37 452 000

Talen'ny Fanoratana : Lucien RAHARISON 034 34 697 06

Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana : Herivonjy RAJAONAH 034 34 697 10

Birao sy fandraharahana : Lalana Ravoninahitriniarivo B.P. 1414 - Antananarivo

Tél.: 22 697 79 / 22 697 80

Fax. 22 273 51

e-mail:midigazetikom@gmail.com

D.L.I.: 15 886 - 01 - 23

Isan'ny natonta : 25 000


*Nahandro*

## Pakopako au coco

**Zavatra ilaina :** lafarina 500g, sira 1 sotrokely, ranona coco 1vera, menaka.

**Fikarakarana azy:** Araraka ambony latabatra ny lafarina dia lavahana eo afovoany ary arotsaka tsikelikely ao ny rononomboanio(lait de coco). Asiana sira dia kosehina hifangaro tsara ary volavolaina. Rehefa henjana tsara dia atao boribory ary avela hilona ora iray. Rehefa izany dia alaina tsikelikely ny paty ary bolabolaina dia kosehina ambony latabatra. Atao mahazo endrika boribory manify tsara. Hafanaina ny menaka dia endasina. Avadika ho mendy tsara dia esorina ambony lovia. Hanina miaraka amin'ny lasary na hena sy trondro endasina. Mazotoa homana!